


SECES
SYNDICAT DES ENSEIGNANTS CHERCHEURS ET DES CHERCHEURS ENSEIGNANTS DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR

**FILANKEVI-PIRENEN'NY SECES**

Akany Mariazy Mirindra Ambohipo Antananarivo (24-25 Novembra 2016)

Ny Filankevi-pirenena notontosain'ny SECES teto amin'ny Akany Mariazy Mirindra Ambohipo Antananarivo dia nandray izao fehinkevitra manaraka izao :

**MIKASIKA NY ZO SY HASIN'NY MPAMPIANATRA-MPIKAROKA SY MPIKAROKA-MPAMPIANATRA**

Mankasitraka ny ezaka nataon'ny Governemanta eo amin'ny fanatanterahana ny zo aman-kasin'ny Mpampianatra-mpikaroka sy Mpikaroka-mpampianatra voafaritry ny Didim-panjakana 2009-1214, 2009-1215 sy ny 2009-1216.

MITAKY KOSA :

- Ny fampidirana ao anatin'ny Tetibolam-panjakana 2017 ireo tambinkarama telo (Résidence, Logement et Risque) voafaritry ny Didim-panjakana 2009-1214, ary nohamafisin'ny fifanarahana natao tao amin'ny Lapam-panjakana Mahazoarivo teo amin'ny Governemanta andaniny sy ny SECES ankilany ny faha 10 septambra 2015,
- Ny fanatanterahan'ny Ministera mpiahy ny Didim-panjakana 2009-1215 izay efa tokony ho naloa nanomboka ny volana Janoary 2016, mahakasika ny tambim-pikarohana ho an'ireo tokony hisitraka izany (alohan'ny 31 Desambra 2016), ho an'ireo nahavita ny antontan-taratasy mifanandrify amin'izany,
- Ny fampiharana an-tsakany sy an-davany ny zo sy hasin'ny Mpampianatra-mpikaroka sy Mpikaroka-mpampianatra voafaritry ny Didim-panjakana 2009-1216 ho an'izay tandrify izany,
- Ny hampidiran'ny Fitondrana ao anatin'ny Tetibolam-panjakana 2018 ireo vary mangatsiaka rehetra (Rappels) mifandraika amin'ireo Didim-panjakana telo ireo.

Tsy eken'ny SECES ny fandraisana ho Mpampianatra-mpikaroka sy Mpikaroka-mpampianatra tsy nandalo « Collège » na/sy ireo tsy manana «Diplôme académique» araka ny sata manokana voafaritry ny lalàna 2003-008. Noho izany, takianay ny hanaovan'ny fitondram-panjakana fanadiovana (Assainissement) eo anivon'ny «Corps des Enseignants-Chercheurs et Chercheurs-Enseignants».

**MANOLOANA NY RAHARAHAM-PIRENENA**

Koa satria tany tàn-dalàna i Madagasikara dia **toherinay** ny :

- Fanosihosena ny zo fototra, ny zo sendikaly, ny zo mahaolona, ny fahalalahana isam-batan'olona arovan'ny lalàna manan-kery ary ny fampiasana ny mpitandro filaminana ho herim-pamoretana amin'ny vahoaka malagasy,
- Tsy fandraisan'ny fitondram-panjakana andraikitra hentitra manoloana ny fangalarana tsy ankijanona ny tanin'ny oniversitem-panjakana sy ny foibem-pikarohana rehetra saika manerana ny Nosy, singanina manokana i Toliara sy Nosy Be,
- Ny fitrandrahana, ny fanondranana amin'ny fomba tsy ara-dalàna sy tsy ara-drariny ary ny fanaovana varo-boba ireo harem-pirenena, toy ny andramena, ny sokatra, ny volamena sy vatosoa isankarazany,...sns, izay mitarika tsy filaminana eo anivon'ny fiaraha-monina.
- Endrika tsy fanajana ny mangarahara eo amin'ny fitantanan-draharaham-pirenena.

Mba ho fitsinjovana ny taranaka, fara aman-dimby dia **takianay** ny fangalana ny hevitry ny vondron'olona ifotony ka hiarovana toy ny anakandriamaso ny tontolo iainana sy ny tombontsoan'ny vahoaka mialoha ny mety hanaovana tetik'asa na fitrandrahana an'ireo otri-karena manerana ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara, anisan'izany ny tetik'asa ho fanitarana ny seranan-tsambon'i Toamasina, ny raharaha Soamahamanina, Mananjary, Tsarazaza Fandriana, Bealanana,...sns

**Mila** manatsara fomba fiasa ny fahefam-pitsarana mba hamerenana ny fitokisan'ny vahoaka indray sy hisorohana ny endrika fitsaram-bahoaka izay efa mahazo laka etsy sy eroa.

**Ireo Filoha Lefitra Nasionaly**
**Antsiranana :** RAKOTOBE
**Toamasina :** RANDRIANANDRAINA Noro
**Antananarivo :** ANDRIAMPENO Williams
**Mahajanga :** RAKOTOVELO Geoslin
**Fianarantsoa :** TSIMILAZA Andriamihamina
**Toliara :** RAKOTONDRABE Dauphin

**Ny Filoha Nasionaly**
**RALAMBOMANANA Dimby**

